

## **A Bibidia avy tamin'ny ranomasina. Apokalypsy 13:1-10.**

### **❖ Ny mombamomba azy. Apokalypsy 13:1-2.**

- Nisy bibidia naseho tamin'i Jaona. Fitambaran'ireo bibidia efatra ao amin'i Daniela 7 izy io.
- Mifantoka amin'ireo asa ataony mandritra ny 42 volana (538 AD - 1798 AD) ny fahitana, koa ny fahefana papaly io bibidia io ary ny anjarany dia heri-pamoretana ara-pivavahana.

### **❖ Fahefana mandritra ny 42 volana. Apokalypsy 13:3-10.**

- Rehefa manao fampitahana ny Apokalypsy 13:5-7 amin'ny Daniela 7:24-25 isika, dia mahita fa ilay bibidia dia miresaka fanovàna lalàna mba: (1) hiankohofana amin'ny sary; sy mba (2) hanovana ny andro fiankohofana, dia ny Sabata ho Alahady.
- Ny fitenenan-dratsy an'Andriamanitra dia fitenenana manohitra ny Avo Indrindra. Ao anatin'izany ny fanoloana ny asa fanelanelanana ataon'i Jesosy ao amin'ny Fitoerana Masina any an-danitra amin'ny fanelanelanana ataon'olombelona, sy ny fanoloana ilay fanatitra tokana sy indray mandeha nataon'i Jesosy amin'ny sorona isan'andro atao isaky ny lamesa (Hebreo 10:10-12).

## **B Bibidia avy tamin'ny tany. Apokalypsy 13:11-13.**

### **❖ Ny mombamomba azy. Apokalypsy 13:11**

- Azotsika fantarina io bibidia io amin'ny alalan'ireto toetoetra manaraka ireto:
  - (1) Niakatra avy tamin'ny tany, toerana vitsy mponina.
  - (2) Toy ny zanak'ondry kanefa miteny toy ny dragona. Firenena mitandro fihavanana izy amin'ny voalohany, nefa hampiasa herisetra avy eo.
  - (3) Nomena fahefana izy taorian'ilay fery saika nahafaty ilay bibidia voalohany (1798 AD), ary mbola manana fahefana ihany izy aorian'ny fanasitranana.
  - (4) Manao famantarana lehibe izy.
- Ny firenena tokana izay manana ireo filazalazana ireo dia i Etazonia.

### **❖ Ny asa ataony. Apokalypsy 13:12-13.**

- Nanome fahefana ilay bibidia avy tamin'ny ranomasina ny dragona. Io fahefana io ihany no ampiasain'ilay bibidia faharoa. Izany no mahatonga azy hiteny tahaka ny dragona.
- Re sy henoina teny mandrakariva i Etazonia rehefa misy fifanandrinana, toy izay nataon'ny fahefana papaly tamin'ny Taonjato Antenatenany. Misy fiatraikany manerana an'izao tontolo izao ny heviny sy ny asany.
- Ny Protestanta nihemotra—izay Etazonia no tandindona—dia hanatanteraka fahagagana, izay lazainy fa araka ny sitrapon'Andriamanitra. Hanetsika ny feo fieritreretana izany ka hitarika ny olona hanaiky ny fahefan'ilay bibidia voalohany (ny fahefana papaly).

## **D Ny sarin'ny bibidia. Apokalypsy 13:14-18.**

### **❖ Ny mombamomba azy. Apokalypsy 13:14.**

- Vao manomboka mibanjina ilay bibidia faharoa izao tontolo izao, dia hanolo-kevitra ny hanaovana ny sarin'ilay bibidia voalohany izy.
- Izany dia fananganana rafitra ara-politika sy ara-pivavahana izay hampiasa ny fahefam-panjakana hanerena ny olona hanaiky foto-pampianarana ara-pivavahana, toy izay nataon'ny fahefana papaly tamin'ny Vanim-potoana Maizina.

### **❖ Ny asa ataony. Apokalypsy 13:15-18.**

- Ny mariky ny bibidia dia tsy puce, na code barre na rafitra miafina natao hifehezana ny olona. Resaka fiankohofana izany. Fanekena ny lalàn'Andriamanitra na ny lalàn'olombelona. Sary milaza ohatra miavaka izay hampisaraka ny olona ho antoko roa izy io ary mialoha indrindra ny fiavian'i Jesosy.
- Fanapahan-kevitra izay tsy maintsy raisinao io, satria miankina amin'izay hiakohofanao sy ny antony ny famonjena anao.
- Ao amin'ny Baiboly, ny anarana dia mamaritra ny toetra. Noho izany, ny 144 000 dia voatombo-kase amin'ny toetran' – anaran' - Andriamanitra (Apok. 14:1), ary ny ambiny dia voatombo-kase amin'ny toetran'ny bibidia. Ny olona sasany dia mandray ny marika noho ny tombotsoa fotsiny (eo amin'ny tanany ankavanana).